Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA SAMEDI 12 DECEMBRE
Pasteur Seth RASOLONDRAIBE

"LE COMBAT PASRORAL"
"1TIMOTHEE 6"

Amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

HIRA **381** 1-2

Vavaka.

Teny fampidirana: 1Tim 6.1-2

1Aoka izay **mpanompo** rehetra eo ambanin'ny zioga hanao ny tompony ho miendrika hohajaina tsara, mba tsy hitenenana ratsy ny anaran'Andriamanitra sy ny fampianarana. 2Ary izay manana tompo mino dia aoka tsy hanao tsinontsinona azy, satria rahalahy izy; fa vao mainka tokony hotompoiny aza izy, satria mino sy malala ilay mpandray ny soa atao. Izany zavatra izany no ampianaro sy ananaro.

HIRA **381 3-4**

Vakiteny **1** **1Tim 6.3-10**

3Raha misy olona manao fampianarana hafa noho izany ka tsy manaiky ny teny tsy misy kilema, dia ny an'i Jesosy Kristy Tompontsika, sy ny fampianarana izay mahatonga ny toe-panahy araka an'Andriamanitra,4dia mieboebo foana izy ka tsy mahalala na inona na inona, fa adala amin'ny fiadian-kevitra sy ny fiadian-teny izay mahatonga fialonana, fifandirana, fanaratsiana, fiahiahian-dratsy, 5fifandirana lalandava, fanaon'ny olona vetaveta saina sady efa nialan'ny fahamarinana, manao ny toe-panahy araka an'Andriamanitra ho fahazoan-javatra. 6Fa misy tombony lehibe tokoa ny toe-panahy araka an'Andriamanitra omban'ny fianinana. 7Fa tsy nitondra na inona na inona ho amin'izao tontolo izao isika, sady hita fa tsy hahatondra na inona na inona hiala. **8Fa raha manan-kanina sy fitafiana isika, dia aoka hianina amin'izany**. 9Ary maro tsy misy antony sady mandratra, izay mandentika ny olona ao amin'ny fandringanana sy ny fahaverezana. 10Fa ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra, koa ny sasany izay fatra-pitady izany dia efa voavily niala tamin'ny finoana ka nanindrona ny tenany tamin'ny alahelo be.

Fanazavana Fohy

Hira 443. 1-2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 2. 1Tim 6.11-16

11Fa ianao kosa, sy lehilahin'Andriamanitra, **mandosira** izany zavatra izany, ka **miezaha** mitady fahamarinana, toe-panahy araka an'Andriamanitra, finoana, fitiavana, faharetana, fahalemem-panahy. 12Miadia ny ady tsaran'ny finoana, hazòny ny fiainana mandrakizay; fa ho amin'izany no niantsoana anao koa sy nanaovanao ilay fanekena tsara teo imason'ny vavolombelona maro. **13Izaho mananatra anao eo anatrehan'Andriamanitra, Izay mamelona ny zavatra rehetra, ary eo anatrehan'i Kristy Jesosy, Izay nanao ilay fanekena tsara teo anatrehan'i Pontio Pilato,** 14mba hotehirizinao tsy hanan-tsiny amam-pondro hatramin'ny fisehoan'i Jesosy Kristy Tompontsika izany **didy izany**; 15ny Andriana finaritra sady tokana, Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo, no haneho izany amin'ny fotoany; 16Izy ihany no manana ny tsi-fahafatesana, mitoetra eo amin'ny mazava tsy azo hatonina, Izay tsy hitan'olona sady tsy hainy jerena; ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay. Amena.

Fanazavana fohy

HIRA 443.3-4

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDRINA……

VAKITENY 3. 1Tim 6.17-19

17Anaro ny mpanankarena amin'izao fiainana ankehitriny izao mba tsy **hiavonavona**, na **hatoky ny harena miovaova**, fa Andriamanitra, Izay manome antsika malalaka ny zavatra rehetra mba hifaliantsika, 18mba **hanao** soa, mba hanan-karena amin'ny asa tsara, hazoto manome sy miantra, 19ka **dia hihary fanorenana tsara ho an'ny tenany ho amin'ny andro ho avy, mba hihazonany ny tena fiainana.**

Fanazavana fohy

Hira 377 1

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

- Mivavaka ho an'ny Mpanakarena tsy hiavonavona

.

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 4. 1Tim 6.20-21

20Ry Timoty, tehirizo ilay natolotra anao, ka mialà amin'ny fibedibedena foana sy ny **fanoherana** avy amin'izay atao hoe fahalalana, kanjo tsy izy, 21izay neken'ny sasany, ka nania tamin'ny finoana izy. Ho aminareo anie ny fahasoavana.

Fanazavana Fohy:

HIRA 377.4

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDRINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO

Teny FANDRAVONANA

Apo 3.20-21

20Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko. 21Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin'ny seza fiandrianako, dia tahaka ny nandreseko kosa sy ny niarahako nipetraka amin'ny Raiko eo ambonin'ny seza fiandrianany.

HIRA 377.5

TSO-DRANO